# ALAHADY faha-4 PAKA - TAONA -B-2024



***"Izaho no mpiandry ondry tsara,***

***sady mahalala ny ahy Aho no fantatry ny Ahy" (Lk 24, 35-48)***

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny fankalazana ny Paka tanteraka isika ary raha mahatsikaritra isika, mba hivelomantsika izany hafaliana lavorary vokatry ny fiadanana atolotry ny Paka amintsika izany ka hitoerantsika ao amin'i Jesoa sy hitoeran'i Jesoa tafatsangan-ko velona ao amintsika, dia atolotry ny Eglizy isaky ny Alahady ny toetran'i Jesoa ho fankaherezana antsika hiroso lalindalina kokoa eo anivon'ny fiainana hizarana ny hafalian'ny Paka. Efa nampahatsiahivintsika teto io tamin'ny Alahady lasa. Alahadin'ny Paka mibanjina an'I Jesoa Mpampihavana nandresy ny ratsy rehetra, nitsangan-ko velona. Izy no Aina velona amintsika zanak'Andriamanitra ka mahatonga antsika ho EOV Mpampihavana ka mihavana amin'ny zavaboary, mihavana amintsika samy isika, mihavana amin'Andriamanitra. Alahady faha-2, I Jesoa Famindrampon'Andriamanitra velona ka maniraka antsika mizara ny famindram-po sy fifamelan-keloka satria raha te hanorina fihavanana sy mitady fiadanana ianao, hoy ny Papa François, dia aoka hamafy sy hamboly famindram-po sy fifamelan-keloka. Alahady faha-3, Jesoa miara-belona amintsika mizara ny manta sy ny masaka. Tsy matoatoa sanatria, tsy lolo sanatria i Jesoa nitsangan-ko velona fa olona velona miaraka misakafo amintsika satria nanaiky ho Olo Araiky amintsika ary izay iray vatsy iray aina. Alahady faha-4,

Jesoa Mpiandry ondry tsara mahalala antsika ondriny ; mamelona sy mitsimbina ary mamory antsika ho ao anatin'ny vala tokana, Fratelli Tutti, Olo Araiky isika Jiaby.

Izany hoe banjinintsika manokana amin'izao Alahady izao I Jesoa Mpitarika sady mpampivondrona. Raha atao amin'ny teny mahazatra "leader". Tsy araka ny hevitr'izao tontolo izao anefa satria ho an'izao tontolo izao matetika ny leader, mpitarika dia mampihatra ny heviny ary indrisy mety mamoritra azy. Fa I Jesoa kosa hafa noho izany ary tian'ny Eglizy hanahaka an'i Jesoa Mpiandry Ondry tsara izay manana adidy sy andraikitra ao amin'ny Eglizy na eo amin'ny fiaraha-monina.

Izany no mahatonga antsika sy ny Eglizy eran-tany hivavaka manokana momba ny fiantsoan'Andriamanitra amin'izao Alahady faha-4 izao satria na pretra na voatokana na lahika dia mifototra amin'ny batemy ka zary EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Mitafy an'I Kristy ka antsoina Kristianina izany hoe Kristy Mpiara-belona amin'ny olona.

Matetika anefa raha miresaka Fiantsoan'Andriamanitra dia tsy afenina fa ny tonga ao an-tsaintsika voalohany dia ny pretra sy ny relijiozy. Tsy mahagaga izany satria antsoin'Andriamanitra izy ireo handray fahasoavana manokana ahafahan'izy ireo hanahaka ny fiainan'i Jesoa amin'ny alalan'ny voady sy ny fanokanan-tena ary indrindra amin'ny fanamasinana ho pretra izany hoe mandray ny Sakramentan'ny filaharana. Mivavaka isika mba hanahaka an'i Jesoa tokoa izy ireo, mivavaka isika mba hanana pretra masina, pretra mitoetra tanteraka ao amin'i Jesoa sy itoeran'i Jesoa ka mamokatra ny fiainany sy ho vavolombelona manahaka an'i Kristy Mpiandry Ondry tokoa. Enga anie ireo voatokana relijiozy lehilahy sy vehivavy hanahaka ny fitiavan'i Jesoa ka hanolo-tena amin'ny fanehoam-pitiavana amin'ny toerana rehetra anirahana azy.

Tsarovy ry Kristianina havana fa raha mivavaka ho an'ny fiantsoan'Andriamanitra isika dia mivavaka koa ho an'izay vita batemy rehetra araka ny voalazantsika teo mba ho Apôstôly satria irak'i Kristy eo anivon'izao tontolo izao ho fanasina sy fahazavana ho an'ireo manodidina, ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.

Izany rehetra izany no hivavahantsika amin'izao Alahady faha-4 ny Paka izay ankalazantsika an'i Jesoa mpiandry ondry tsara izao. Andeha àry ho banjinintsika ireo toetry ny Mpiandry Ondry Tsara.

Antsoina mpiandry ondry tsara i Jesoa satria mahafoy ny ainy, Izy ihany no manambara an'izany ary anisan'ny toetra takina izany fahafoizan-tena izany raha ho mpitarika, ho leader. Tsy manao kobaka am-bava I Jesoa fa ivelomany izay lazainy. Nanaiky ho mpanompo izy. Nanasa ny tongotry ny mpianatra izy ary nanolotra ny aina teo ambonin'ny hazofijaliana. Raha te-hanorina Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra, ilay antsoin'I Papa hoe "FRATELLI TUTTI" mira "OLO ARAIKY ISIKA JIABY" raha NY FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY… dia tsy maintsy manahaka an'I Jesoa Mpiandry Ondry mahafoy. Ao anatin'ny fahafoizana sy fanompoana no ahafahantsika

mifanasoa sy mifampitsimbina ary mikatsaka ny soa iombonana. Mampahatsiahy antsika ny tenin'I Papa raha miresaka an'I Md Josefa izy : "tsy sefo no katsahin'izao tontolo izao fa Ray hikarakara sy hikolokolo azy tahaka an'I Md Josefa nikarakara ny Fianakaviana Masina tao Nazareta….". Tamin'ny alalan'ny asa fitoriana, fampianarana, tamin'ny fanomezana sakafo ny vahoaka marobe nanaraka azy tany an'efitra, tamin'ny famantarana maro samihafa no nentin'i Jesoa manambara ny fahafoizana ary faratam-pony amin'izany ny fahafoizany ny aina teo ambony hazofijaliana. Ataoko fa ilaina ny mandinika an'izany ho an'izay mihevitra hilatsaka ho depite na ho solombavam-bahoaka sy ireo izay mikendry hanana adidy … Tsy ho lazaina intsony ho an'izay manaiky hanara-dia an'I Kristy na ho pretra na ho voatokana na ho apostoly lahika…

Azo lazaina fa anjaram-piainantsika Kristianina ny fahafoizana. Raha atao teny hafa tena "identité"ntsika ny fahafoizana, identitén'izay te hitarika ny olona hiombona ka hifanasoa sy hifampitsimbina. Nambaran'i Jesoa ny mifanohitra amin'izany dia ny mpiandry ondry ratsy vao mahita ny amboadia dia mamela ny ondriny ka mandeha amin'ny toeran-kafa. Aoka isika ho tahaka an'i Jesoa, Izy no mpiandry ondry tsara, aoka isika tsy hamela ny ondrintsika fa hahafoy tena ho azy ireo.

Manontany tena isika ankehitriny aiza amin'ireo ambaran'i Jesoa amin'ny evanjely no misy antsika, ilay mpiandry ondry tsara ve sa mpiandry ondry ratsy, sao dia ray na renim-pianakaviana tsy miaro na mikolokolo ny zanaka isika fa indrindra amin'izao andro sarotra izao ? sao isika pretra na relijiozy, eveka manararaotra mitady ho an'ny tenany samirery mihinana ny ondry matavy ? Tsara ho dinihina izany amin'izao andro fankalazana ny mpiandry ondry tsara izao, miantso antsika i Jesoa hanahaka Azy, miantso antsika ny Eglizy. Sao àry mamela ny hafa ho faty eo ambany maso, atao am-pihimamba, hosehosena ny maha-izy azy, tsy mijery ny rariny fa faly amin'ny fahafinaretana isan-karazany ka hadino ny maha- mpiandry ondry tsara.

Isika rehetra no tsy maintsy mandini-tena ka mihavao amin'izao Paka izao hirosoana amin'ny "changement radical de comportement", amin'ny fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny fomba fiainana sy amin'ny fitondran-tena. Manana modely isika izay vao nankalazaintsika tsy ela ny fetiny dia I Lucien Botovasoa izay nahafoy sy nanolotra ny ainy. Azo lazaina fa lahika votom-pinoana, nanahaka an'i Jesoa mpiandry ondry tsara i Lucien Botovasoa, tsy nilaozany ny ondriny na dia afaka nandositra aza izy fa niverina nanangona azy ireo, niara-nivavaka ho an'ny fandriam-pahalemena sy fifankatiavana. Tsy natahotra izy nanolotra ny ainy ho fanavotana ny maro.

Aoka isika hivelona ny maha-mpiandry ondry tsara ka hikarakara azy ireo avy. Samy manana ny ondry karakarainy isika tsirairay avy na ny Papa, na ny Eveka, na ny pretra, na ny relijiozy, na ny mpanabe, ny mpampianatra, ny manam-pahefana isan-tokony fa indrindra ny Mpitondra eo amin'ny firenena sy amin'ny faritra, indrindra amin'izao krizy maro lafy atrehintsika izao. Tandremo sao sanatria hananaraotra izay ondry apetrak' Andriamanitra hokarakaraintsika fa izay no hoe atao "mercenaire" Mpiandry Ondry ratsy. Ary raha hindrana

an’I Papa François ao amin’ny Ansiklikany Fratelli Tutti isika dia io ny politika ratsy, politika fitiavan-tena, manapotika ny fifandraisana eto amin’izao tontolo izao

Misy kritera nambaran’i Jesoa koa ahafahantsika mahafantatra ny Mpiandry Ondry ankoatry ny fahafoizan-tena dia tsy inona fa ny fahalalana ny ondriny araka ny voalazany hoe : “*sady mahalala ny ondriko aho no fantan’ny ondriko*”. Tsy fahalalana an-kandriny ny tian’I Jesoa lazaina eto satria misy leader, mpitarika mahafantatra ny momba ny olony fa tsy misy fifandraisana ary mitsentsitra ny ondriny. Hafa no tian’I Jesoa lazaina eto. Mpiandry ondry tsara manana fifandraisana lalina amin’ny ondriny. Mpiandry sy Ondry mifankafantatra tsara ka na ny feo aza dia fantatra ka afaka miditra amin’ny tena fiainana miainga amin’ny fananana traikefa vokatry ny fitiavana. I Jesoa dia mahalala antsika tsirairay ka izany no maha mpiandry ondry tsara Azy. Aoka isika amin’ny andraikitra ananantsika hahalala ny ondrintsika, vokatry ny fifandraisana tsara izany ka takina amintsika rehetra mpiandry ondry tsara na ray sy renim-pianakaviana izy na relijiozy na pretra na eveka na olona manam-pahefana.

Ny fahatelo dia ny fiezahana hampivondrona ireo ondry ao anatin’ny vala tokana. Izany hoe mpampiombona sy mpampihavana tahaka an’i Jesoa. Ny nanolorany ny ainy dia ny fahafantarany antsika ka ny tanjony dia ho olo araiky ao Aminy isika. Io ny tanjona tian’I Papa hasongadina ao amin’ny Ansiklika haha-“ OLO ARAIKY ISIKA JIABY” ho “FRATELLI TUTTI”. Io ihany ny tanjon’izao KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY IZAO (KEN 2024) : FIHAVANANA HANASITRANA AN’IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY.

Manana modely isika dia Lucien Botovasoa. Nahalala tsara ny olona tao Vohipeno izy no sady fantatr’izy ireo koa. Rabefihavanana no niantsoana azy. Lalana tsy maintsy harahintsika koa izany fa indrindra isika manana andraikitra eo amin’ny fiaraha-monina, ny ray sy renim-pianakaviana, ny mpampianatra, ny mpanabe, ny mpitondra.

Haintsika koa ny hafatr’I Papa raha nanome an’I Md Josefa ho modely izy. Mila Baba, mila Ray, mila FON-DRAY izao tontolo izao (Patris Corde). Baba, Ray aman-dreny hampiombona ka zary hifanasoa, sy hifampitsimbina ny rehetra.

Manamafy izany ny voalaza ao amin’ny vakiteny voalohany : matoa mpiandry ondry tsara ilay voalazan’ny Mpaminany ary tanteraka tokoa dia satria ny anaran’i Jesoa no mampiombona antsika, Izy no Fihavanantsika ka hahazoantsika ny famonjena ary efa natolony antsika rahateo ny ainy. Io no fahefana mampiavaka an’i Jesoa, fahefana mitondra famonjena fa tsy fahefana mamoritra na manapotika na manongana araky ny hevitr’izao tontolo izao. Ny fahefan’izao tontolo izao dia ho entina manongana satria entanin’ny fitiavan-tena, ho entina hahazoana harena hanapotehana ny hafa. Tsy fahefana tahaka izany ny an’i Jesoa fa nahafoy ny ainy Izy, tò teny Izy ary mampiombona antsika sy hahazoantsika ny tena hasambarana. Mananatra antsika i Md Joany ao amin’ny vakiteny faharoa hanahaka an’i Jesoa ka hahita azy araka ny tena toetrany. Matoa isika manaraka an’i Jesoa dia mba hahalala ny tena toetrany

ary manampy antsika Izy ka hahalala ny toetra maha zanak'Andriamanitra antsika sy hiaina an'izany amin'ny fiainantsika andavanandro, ho tena mpiandry ondry tsara tokoa isika.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, Ianao tokoa no tena mpiandry ondry tsara ka mahalala anay ary izany ~~ny~~ no fanantenana sy antoka ho anay amin'ity fiainana ity. Mangataka aminao izahay ampio ireo manara-dia anao akaiky dia ny Papa, ny Eveka, ny Pretra. Omeo ny tena finoana tokoa izahay ka hitoetra tanteraka ao Aminao sy hitoeranao ka hamokatra be amin'ny fahafoizan-tena eo amin'ny fiainanay andavanandro. Enga anie hahafoy tokoa izahay ka ho zary EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HANORINA ETA TRANOBEN'ANDRIAMANITRA HO FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA .

Toy izany koa ireo mpitondra rehetra ara-nofo fa indrindra ireo tompom-pahefana mba ho ilay fahefana tò teny ka hitarika ny vahoaka amin'ny vala tokana.

Ireo mpitondra anay anie hotsilovin'ny Fanahinao Masina ka hahay hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana. Ampio izahay mba hahery fo tahaka an'i Piera sy Joany ary ireo Apôstôly, tahaka an'i Lucien Botovasoa mba tsy hatahotra izahay fa hanohy ny asan'i Jesoa mpiandry ondry tsara amin'ny toerana misy anay ka ho fanasina sy fahazavana izahay sy ho taranaka mpanorina tokoa, manorina Eglizy trano sy Eglizy olona velona fa indrindra amin'izao vanim-potoana iatrehana krizy maro lafy izao. Masina Maria Reninay mivavaha ho anay mba ho TABERNAKLA VELONA tahaka anao izahay, tantano izahay hiroso amin'ny fankalazana ny Kongresy Eokaristika ka hanova hery sy fahasoavana. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany mivavaha mba samy hanana FON-DRAY tokoa izahay rehetra fa indrindra ny Raim-pianakaviana sy izay mpitondra manana fahefana ka ho vonona hikatsaka ny soa iombonana hatrany. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson